FILAZANA MANJO

Ny Filoha Nasionaly Marc Ravalomanana, ny mpikambana ao amin'ny birao politika sy ny mpikambana ary ny mpanohana rehetra eto amin'ny antoko Tiako i Madagasikara dia mampandre anareo amin'ny alahelo ny fodiamandrin' ny mpikambana akaiky

MAMY RAKOTOARIVELO

Minisitra teo aloha
Filoha lefitry ny Antenimieram-pirenena teo aloha
Filohan'ny Kongresy Tetezamita
Lehiben'ny delegasiona ankolafy Ravalomanana

ny zoma 28 jolay 2017

LES RAISONS POSSIBLES DE SON *"AUTO-DÉPART"* ICI

FILAZANA MANJO

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo fa ny hava-malalanay :

RAKOTOARIVELO Mamy

Grand Croix 2ème classe
de l'Ordre National
Expert-comptable
Ancien Président du Congrès
de la transition
Ancien Ministre de la Communication
Ancien Président du Comité Olympique
Malgache

Dia nodimandry ny Zoma 28 Jolay 2017

Hoy :

Ny zanany : RAKOTOARIVELO Johan Santatra Andry Rajaofera
RAKOTOARIVELO Julian Solofo Rajaofera

Ny mpiray tampo aminy :
Vady navelan'Itpkl RAKOTO-HARIVELO Roger sy ny zanaka aman-jafiny
Zanak'aman-jafy navelan'Itpkv RAKOTO-HARIVELO Elisabeth
Intendant Général (e.r) RAZAFINDRABESA Andrianaivo sy Misa ary ny zanaka aman-jafiny
Drs RAKOTOARIVELO Solofoniaina sy Joely ary ny zanany
RAKOTOARIVELO Fanomezantsoa sy Liva ary ny zanany
RAKOTOARIVELO Benjamina sy Miora

Ny havany : Ny terak'Itpkl RAKOTOARISON sy Itpkv RASOARINELINA
Ny terak'Itpkl RASOLOFO Bernard
Ny terak'Itpkl RAINIZAFIMAHALEO sy Itpkv RAMISA

Ary ny fianakaviana manontolo

Ny mpitandrina sy ny fiangonana FLM Ambatovinaky
Ny mpitandrina sy ny fiangonana FLM Antsirabe Antampon-tanana
Ny mpitandrina sy ny fiangonana FLM Vinaninkarena
Ny fokontany Ambatomitsangana
Ny fokontany Ambolokandrina
Ny fokontany Talata volonondry
Ny Antoko Tiako i Madagasikara
Ny Ordre des experts comptables et financiers de Madagascar
Ny judo club Saint Michel Amparibe

Ny nofony dia hiala ao amin'ny **12 Résidence Etoile d'Analamanga - Ambolokandrina**, ny **Alatsinainy 31** Jolay amin'ny **10 ora sy sasany,** hoentina mandalo eny amin'ny **Assemblée nationale Tsimbazaza** ary hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny **FLM Ambatovinaky** amin'ny **1 ora** mialoha ny hanaterana azy ao amin'ny fasan-drazana **Talata Volonondry**.

« Fa ity mety lo ity tsy maintsy mitafy ny tsi-fahalovana » I Kor 15 :53a

INONA NO VAOVAO **Samihafa** TALATA 1 AOGOSITRA 2017

Vatana mangatsiakan ' i Mamy Rakotoarivelo

Nomem - boninahitra farany teny amin ' ny Antenimierampirenena

Omaly no nalevina teny amin' ny fasan - drazany, izay lievenan' ny reniny, ny nofo mangatsiakan' i Mamy Rakotoarivelo, hita fatg, izay voalaza fa tiftira tamin' ny basy, tao amin' ny lohany, no nahafaty azy, ny zoma lasa teo.

Miakhan' izay anefa dia nomem - boninahitra teny amin' ny Antenimierampirenena izany nofo mangatsiakan' i Rakotoarivelo Mamy izany. « Very olomanga ny Firenena », hoy ny filohan' ny Antenimerampirenena, Rakotomamonjy Jean Max. I Mamy Rakotoarivelo dia efa filohan' ny Kongresin' ny Tetezamita, Depiotan' i Madagasikara indroa miantoana sady efa filoha lefitry ny Antenimierampirenena, efa Ministry ny Fifandraisana, tamin' ny andron - dRavalomanana Marc ary efa sekretera jeneralin' ny antoko Tim. Tamin' ny famehana ny kirizy 2009 dia isan' ny mpitarika ny ankolafy Ravalomanana i Mamy Rakotoarivelo. Ankoatra izay dia efa filohan' ny federasiona malagasin' ny Judo ihany koa izy talohan' ny naha filohan' ny Komity olympika malagasy azy. Tay ny politika ihany izany no nandraisan' i Mamy Rakotoarivelo andraikitra fa teo amin' ny Fanatanjahantena ihany.

Olo - manankaja maro eo amin' ny sehatra politika no tonga nanao veloma farany ny nofo mangatsiakan' i Mamy Rakotoarivelo. Teny amin' ny Fiangonana loterana malagasy, Ambatovinaky no nataon ny fotoam - pikevahana nanaovam - beloma ny nofo mangatsiakany ary taorian' izany izy no nalevina eny amin' ny fasan - drazany eny Talata Volonondry.

Mitia R.